Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

N° 39, jolay 2021

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - Association Marie Reine des Coeurs

# Associés

**Ivon-toeran'ny Fikambanana iray**



## any Croatie sy Pologne

*Ity manaraka ity dia fizarana traikefa mikasika ny fiainan'ny Fikambanana Marie-Reine des Coeurs any Croatie sy any Pologne. Ity fifampizarana ity dia nosoratan'I Mompera Mihovil (Michele), misionera montfortana iray izay avy any Czestochowa no nankany amin'ny firenena eoropeana maro mba hitory. Izy ihany koa no Tale mitantana am-panahin'ny Fikambanana any Croatie sy Pologne.*

**Avy amin'i Mompera Mihovil (Michele) Filipovic, Misionera Montfortana any Pologne**



## Ny fikambanana any Croatie

Nanomboka ny taona 1976 no nahatongavan'ny Montfortana tany Croatie, niaraka tamin'i Mompera Luka Cirimotic : nanana vondrona lahika izay nivory tao an-tranonay isan-kerinandro izahay, dia ny Alahady. Fivoriam-bavaka ho amin'ny Fitsaohana ny Sakramenta Masina sy ny sapile anankitelo. Tamin'ny fananganana ny Vondrom-piarahamonina ny taona 2001, nanomboka nanaraka ireo lahika ireo, izay efa nanonona ny Fanokanan-tena araka ny aim-panahinay izahay, niainga avy amin'io vondrom-bavaka noforoninay io dia nisy olona hafa niditra tao amin'ny Fikambanana.
Nandritra izany fotoana izany dia navoakanay an-tsoratra ny sata mifehy ny Fikambanana ary nanomboka nanao ny fanoratana ny anarana tao anaty boky firaiketana izahay. Nandritra ny 9 taona, mialoha ny niaingana ho any Pologne, **nahatratra 450 ny isan'ny mpikambana**. Avy eo dia I P. Milenko Susac no Tomponandraikitry ny Fikambanana. Amin'izao fotoana izao, tsy misy ny olona tena misahana an'ity vondrona ity ho tena andraikiny lehibe . Ho hitantsika amin'ny hoavy ny fomba hamahana ity toe-javatra ity.

Nandritra ny fotoana nikatrohako tao amin'ny Fikambanana, nanana fivoriana indroa isan-taona izahay, ny iray atao any Zagreb ary ny iray natao tany atsimon'ny Croatie (Imotski). Mamonjy ny fivahinianana Masina indroa any Lorette ny mpikambana, ho fandraisana anjara amin'ny « andro natokana ho amin'ny aim-panahy Montfortana » ary miatrika indray mandeha ny Fihaonambe iraisam-pirenena izay atao any Saint Laurent-sur-Sèvre (RISL) any Frantsa. Manome famatsiam-bola ho amin'ny fandikan-teny ny Boky Tena Fitiavana amam-panajana ny Virjiny Masina ho an'ny Hongrois, macédonien sy albanais izy ireo ary manolotra ny Boky Tena Fitiavana amin'ny endrika laretirety tany amin'ireo firenena ireo.

Heveriko fa maro ny zavatra azo atao mba hanetsiketsehana ny lahika amin'io lafiny io, saingy tsy maintsy manana fotoana hikarakarana azy ireo mandritra ny fotoana feno miaraka amin'ny toro-hevitra sy fanomezam-pahasoavana maro hanohanana ity Fikambanana ity.



## Ny Fikambanana any Pologne

Nanomboka ny taona 2010 no nahatongavako tany Pologne. Nifandray tamin'ny Vondrom-piarahamonin'ny Frère-n'ny Masindahy Gabriely aho. Tamin'ny asa fitoriana ary indrindra tamin'ireo laretirety ara-panahy (naharitra telo andro) izay notanterahiko tao amin'ny trano tao Czestochowa, no nanombohanay nanaparitaka ny aim-panahy Montfortana. Rehefa hitanay fa te hifandray tamin'ny Vondrom-piarahamoninay ny olona, dia navoakanay an-tsoratra ny satan'ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs ary nanomboka nanao ny firaiketana an-tsoratra ny anarana izahay. Nanomboka ny nisian'ny mpikambana voalohany tamin'ny taona 2013 hatramin'izao dia **manodidina ny 1450 ny isan'ny mpikambana**.

Isaorana ireo olona ireo fa nanana fahafahana nitory sy nanao laretirety tany amin'ny paroasin'izy ireo izahay (hatreto dia manodidina ny paroasy 15 anatin'ny faritra samihafa ao Pologne). Indray mandeha isan-taona, manana fivoriana mandritra ny telo andro ao Czestochowa izahay ho an'ireo mpikambana, mba hanomezana azy ireo ny làlana izay tokony horaisin'ny tsirairay araka ny sokajim-piainany avy. Ny ankamaroan'ireny olona ireny dia efa ao anatin'ny hetsika isan-karazany (Ny "Renouveau dans l'Esprit", ny "légion de Marie", ny "Chemin Néocatéchuménal"; hanatevin-daharana anay ihany koa, Relijiozy sy Pretra).

Andriamatoa **Artur Dobrowoski** no mpandrindra amin'ny alalan'ny pejin-tranonkalam-pifandraisana miaraka amin'ireo mpikambana hafa.





Efa-taona teo izay, nanomboka ny taona 2016, nanjary an'ny Misionera Montfortana ny Vondrom-piarahamonina. Amin'izao fotoana izao, misy Pretra anankitelo ao amin'ity vondrom-piarahamonina ity. Mandroso tsikelikely ny asa.

Nanomboka tamin'ity taona ity, nanomboka nikarakara fivoriana lalindalina kokoa ho amin'ny ny aim-panahy Montfortana I Mompera Nikola ho an'ny olona sasany. Izy ity dia mety hitarika amin'ny fananganana ivon-toeram-paritra hafa. Be ny asa saingy vitsy ny mpiasa.

"

Rehefa hitanay fa te hifandray tamin'ny Vondrom-piarahamoninay ny olona, dia navoakanay an-tsoratra ny satan'ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs ary nanomboka nanao ny firaiketana an-tsoratra ny anarana izahay.



"

…. Izy ity dia mety hitarika amin'ny fananganana ivon-toeram-paritra hafa. Be ny asa saingy vitsy ny mpiasa.

Tsy manana fandaharan'asa manokana izahay satria maro ny asa izay tsy afaka ampifandraisina sy tantanana miaraka. Indraindray, tsy dia mazava loatra ny fitarihana ny olona, mba hamantarana raha efa anatin'ny hetsika hafa izy ireo, na raha mbola lavitra ny vondrom-piarahamonina misy antsika izy ireo… Saingy mbola manandrana mikatsaka ny teboka hanazavana izany amin'ny mpikambana izahay.

Amin'ny ho avy, hitako fa maro ny azo atao. Azo antoka fa ho an'ny Misionera Montfortana Polonais ho avy, dia ho tany mahomby amin'ny asa apôstôlika marobe izy ity.

Izy ity araka ny hevitro manokana dia fanilo manazava haingana. Mirary soa ho antsika rehetra, ao amin'i Jesoa sy Maria.
ANDRIAMANITRA IRERY! ■

**Fahazavana Misionera**



# MONFORT SY NY MONFORTANA


## AMIN'NY FOTOANAN'NY ARETI-MANDRINGANA

**Miaraka amin'i Mompera Luciano Andreol**
**Misionera Monfortana ao Brésil**

*Mompera Luciano Andreol, mpanoratra ity lahatsoratra ity, dia misionera montfortana avy any Italie, izay hatramin'ny nanamasina azy ho Pretra, dia nirotsaka an-tsehatra tamin'ny asa misionera ny Delegasiôna Jeneraly ao Pérou-Brésil. Ity lahatsoratra ara-paminaniana sy feno hafanam-po ity dia manambara fa mahafantatra ny fon'ny olona I Mompera Luciano. Notohizany ny maha-misionera azy mba hankaherezana ny olona amin'izao fotoan-tsarotra lalovana amin'ity areti-mandringana ity sy hanokafana ny mason'izy ireo amin'ny hoavy. Zarainy amin'ny "misionera apôstôlika" ny singa rehetra avy amin'ny fandinihany izay hita taratra ao anatin'ity lahatsoratra anankiray ity dia i: Louis Marie Grignion de Montfort.*




Ankehitriny dia latsaka tanteraka anaty voina amin'ny maha-olona i Brésil-nay. Ny firenena, teo amin'ny dimy taona teo izay dia ohatra iray tamin'ny ady amin'ny fahantrana, ny ady amin'ny tsy fitoviana…Kanefa vetivety teo dia nanjary afobe ho an'ny Breziliana sy ho an'izao tontolo izao. Maherin'ny 3 000 olona no maty isan'andro amin'ity areti-mandringana ity, ankoatra ireo maty tsy fantatra noho ny hanoanana, ny herisetra isan'andro sy ny fanondranana zava-mahadomelina. Any Brésil, ny maty no betsaka nohon'ny teraka. Izany no zava-misy iainanay isan'andro, ny an'ny olona iray misionera ao amin'ny Paroasy iray any ivelan'ny tanàn-dehibe toa an'I Sao Paulo.



Tsy miditra amin'ny fanontaniana maro aho toy ny hoe: maninona? Ahoana no nahatonga an'izao? Iza no tompon'andraikitra? Sns. Ny hafa hamaly an'izany. Manontany tena fotsiny aho ary efa nametraka ity fanontaniana ity nandritra ny volana vitsivitsy taorian'ny fiantombohan'ity areti-mandringana ity **: inona no holazain'i Montfort ary inona no hataony amin'izao zava-misy izao ? Ahoana no ahafahantsika ho misionera amin'izao zava-miseho ankehitriny izao ?** Tsy manana valiny aho: mieritreritra sy manoratra fandinihana sy singa vitsivitsy fotsiny aho. Iza no mahalala? Angamba ianareo hanampy anay hieritreritra tsara momba ny fisianay aty amin'ity faritra Amerika Latina ity.

## 1. RAHOVIANA IZAHAY NO HIVERINA AMIN'NY « ARA-DALANA » ?

Efa novalian'I Papa François miverimberina im-betsaka io fanontaniana io: ny "ara-dalàna" ankehitriny sy ny rahampitso dia tsy ny "ara-dalàna" omaly na ho mandrakizay. Tsy afaka miverina amin'ny "taloha" isika satria ny "taloha" tsy hiverina intsony, farafaharatsiny tsy ho toy ny teo aloha. Androany, miresaka "indray" isika aorian'ny areti-mandringana. Kanefa raha ity "vaovao" ity no "tranainy" miaraka amin'ny fitafiana vaovao, tsy hanampy amin'ny inona akory izany. Izany no lojika talohan'ny "Gattopardo": MANOVA TSY HO AMIN'NY INONA NA INONA. Noho izany ny "vaovao ara-dalàna" dia tsy maintsy avy amintsika, avy ao ampontsika, avy amin'ny fiovam-pontsika (any Aparecida dia maro ny resaka momba ny "fiovam-po pastoraly": inona no nataontsika hatreto?). Na izany aza, tsy afaka manao na inona na inona toy ny fanaontsika isika hatreto. Nandany vola maro isika mba hanorenana Eglizy, efitrano lehibe, foibe pastoraly sy ivon-toerana hafa: tsara sy tena manampy be ireny rehetra ireny, vita am-pitiavana sy tamim-pitiavana lehibe, niaraka tamin'ny tompon'andraikitra sy ny olontsika: ary ankehitriny? mbola manompo? Indraindray isika raim-pianakaviana dia mitomany ranomasom-boay satria ambany ny karama ary mitombo ny trosa! Saingy tsy banga ny zavatra sasany teo an-databatrantsika sy tao an-tranontsika! Tsy toy ny ankamaroan'ny olontsika izay mijaly, be loatra ny olona namoy ny ainy sy very asa. Maro no tsy manankanina hohanina isan'andro!



> Nandany vola maro isika mba hanorenana Eglizy, efitrano lehibe, foibe pastoraly sy ivon-toerana hafa: tsara sy tena manampy be ireny rehetra ireny, vita am-pitiavana sy tamim-pitiavana lehibe, niaraka tamin'ny tompon'andraikitra sy ny olontsika: ary ankehitriny?

## 2. NY TENA ILAINA



Heveriko fa mila manova ny fomba fisainantsika isika, handinika ireo soatoavina manandanja amin'ny fiainana sy hikatsaka mandrakariva ny zavatra TENA ILAINA. Inona no ohatra azontsika raisina amin'ny Olomasina Mpanorina ny Fikambanantsika ! Ireo manam-pahaizana manokana dia afaka mitanisa lahatsoratra sy takila maro amin'ny fiainana sy ny asa nataon'ny Olomasintsika : ahoana no nahalalany ny fomba hiainana ny zavatra tena ilaina? Ary isika Mpianatr'I Montfort ankehitriny? " ny tena ilaina " no teny fampiasa amin'ny fomba fanaraha-maso ara-pahasalamana: tokony hampiasaina amin'ny iraka ataontsika, amin'ny asa pastoraly ataontsika ary amin'ny zavatra iainan'ny vondrom-piarahamonina. Moa ny zavatra nataontsika rehetra hatreto sy ny fomba nanatanterahantsika izany ve marina? Izy io ve namorona vondrom-piarahamonina tena mpianatra Kristianina sy misionera? Betsaka ny fanontaniana mipetraka ao am-poko, fanontaniana maro tsy voavaly, ka heveriko fa mendrika hanana herim-po hametraka fanontaniana sy hanaiky fa misy "vaovao" izay tsy maintsy hitranga eny fa na dia tsy fantantsika aza hoe  inona sy ahoana no "hitranga".



## 3. Fanapahan-kevitra mialoha ho an'ny mahantra

Tonga amin'ny teboka izay misy ny olon'ny vondrom-piarahamoninay izay tsy mba nanana olana ara-tsakafo mihitsy tao an-tranony, nefa ankehitriny mahamenatra fa mangataka foto-tsakafo kely iray harona.

Teo aloha, ireo mahantra dia ireo mahantra « mahazatra » : fa ankehitriny dia ireo mahantra nampahantraina noho ity areti-mandringana ity. Ny mpanan-karena dia mahavita manan-karena amin'ny alalan'ny vola lanin'ny mahantra indrindra. Nitia ny mahantra fatratra I Montfort ka lasa iray tamin'izy ireo izy sy nitia azy ireo. Ny mahantra dia ireo mahantra isan'andro, ny malahelo, ireo mitomany, eny, satria tsy manana izy ireo na sakafo, na fahasalamana, na fampianarana. **"Sokafy I Jesoa Kristy"**, hoy ny antson'I Montfort ary Jesoa Kristy dia izy ireo: tsy manana trano, tany, fitsaboana, tsy manana sakafo, tsy misy asa, tsy misy fampianarana, tsy manan-kialofana, zaza nilaozana, vehivavy voaolana, karama mampahonena, nohararaotina, enjehina, noratraina, tsy tiana.
Amin'ity toe-javatra mampivarahontsana ity dia tsara ny mahita fa NY FIRAISAN-KINA DIA TONGA HARENA MARINA HO AN'NY MAHANTRA. Novaina ho EFI-TRANON'NY FITONDRAN'ANDRIAMANITRA ny efitrano fidirana ao amin'ny trano paroasialinay. Mitombo isan'andro ireo mahantra, manampy rano kely kokoa amin'ny tsaramaso foana izy ireo. "Ny zavatra ara-dalàna vaovao" farafaharatsiny dia ity ho an'ny Montfortana: tsy mifampiraharaha mihitsy amin'ny fiainan'ny mahantranay. Izy ireo no ankafizinay sy tombony ho anay. Mazava ho azy fa hantsoina ho kaominista isika kanefa ny safidy tsara dia ny ho an'ny mahantra, izany no Vaovao Mahafaly ary izay I Montfort.

## 4. MISIONERA : MPANDEHANDEHA NA EO HATRANY?

Azo faritana ho toy ny « mpandehandeha eo hatrany » ihany koa isika. Marina fa tao anatin'ny taona vitsivitsy niainany tamin'ny naha-Apôstôlika azy i Montfort dia nahomby tamin'ny fanatanterahana iraka tany amin'ny paroasy sady malaza maherin'ny 200, fa ny anio inona no hataony ? Tsy afaka manao fitsidihana intsony isika . Tsy maintsy mijanona ao an-trano ary tsy fantatra haharitra hafiriana, sorohana ny fitangoronam-bahoaka, sns. Etsy andanin'izany, hitantsika eo amin'ny fiainantsika misionera pastoraly fa maro ny fianakaviana mamoy fo izay namoy havan-tiana iray na maromaro noho ny Covid 19. Noho ny fanajana ny fepetra sakana ara-pahasalamana, ny olona akaiky tsy avela hijery ny havany izay maty, entina miala ao amin'ny hopitaly ary avy hatrany dia any amin'ny toeram-pandevenana, tsy ahazoana alalana ny fandevenana, tsy misy vavaka.


Manana olona maro ihany koa isika izay nandresy an'ity valan'aretina ity ka nivoaka tamim-pahombiazana tamin'ny alalan'ny fitsaboana mahery vaika izay namonja azy ireo tanatin'ny herinandro maro. Ireo olona rehetra ireo dia misedra ny mafy ary miaina ny voka-dratsiny: mila fanampiana izy ireo, te hanala azy satria mahatsiravina ny zavatra nolalovany. Maro ny olona mila ny fisiantsika. Amin'izao fotoanan'ny areti-mandringana izao dia hitantsika fa maro ny olona VERY FAHATSAPANA NY ATAO HOE FIAINANA, ny fifaliana amin'ny fiainana sy ny fitiavana. Mitombo ny isan'ireo mamono tena na aiza na aiza, eny fa na ny Pretra aza. Inona no hatao manoloana ny fahaverezan'ny dikan'ny fiainana? Tsy misy ny azo atao, fa ny FIHAINOANA, mandray na mandany fotoana amin'ny fihainoana, ajanona ny fitenenana fa mipetraka mba hihaino. Tsy maninona na maika aza. Mila mamerina manakaiky ireo fianakaviana namoy havana isika ary avy eo mandamina iraka anankiray ho amin'ny FANANTENANA ary ho an'ireo kivy dia mila manakaiky kokoa azy ireny isika ary MIHAINO. Ny fanantenana sy ny fihainoana dia isan'ny iraka ho antsika amin'izao fotoana izao.



## 5. NY FIANAKAVIANA, FIANGONANA AO AN-TRANO – VONDROM-PIARAHAMONINA KELY – CEBS

Izy io ary mbola io no traikefa tena mahafinaritra amin'ny vavaky ny mpianakavy. Toa hita indray ny finiavana sy ny fahatokisan'ny vahoakantsika anatin'ny vavaka sy ny fiainana ara-panahy tena lalina miaraka amin'ny fahalalana tena lehibe sy ny fahamarinana tsara indrindra amin'ny finoantsika. Manana ny Baiboly eo an-tanany ny vahoakantsika sy ao am-pony, vonona handeha avy hatrany rava vantany vao mamela azy ny zava-misy.
Eto dia tena faly I Montfort-ntsika: hafiriana no tsy efa nanokanany ny fiainany amin'ny fifandraisana kokoa amin'Andriamanitra! Fa ny fotoana natokana ho an'Andriamanitra dia tsy ho very maina foana! Misalasala aho fa tsy ho ela dia hiverina ny fotoanan'ny fifantohana sy ny fivorian'ny olona eo anivon'ny Eglizintsika ary ihany koa ny dia vavaka, ny ezaka iombonana, sns..,. Ny fianakaviana no hanana ny toerana manokana amin'ny fivoriam-pinoana.

**Ary miaraka amin'ny fianakaviana, dia misy ny vondrom-piarahamonina kely na ny vondron'olona ifotony. Amin'ny maha-misionera, mieritreritra aho fa tsy maintsy hivoaka ny tranontsika sy ny eglizy renintsika isika mba hihaona amin'ireo vondrom-piarahamonina kely izay mankalaza sy manamafy ny maha-mpianatra sy maha-misionera antsika.**
Tsy maintsy mamorona fomba vaovao hitoriana ny Vaovao Mahafaly sy ny fanomanana ary ny fankalazana ny Sakramenta isika, manome toerana ho an'ny vavaka sy ny fitarihana ara-panahy.. Betsaka ny fanamby amin'izao fotoanan'ny areti-mandringana izao: ny fahaiza-mamorona, ny fahasahiana hiova sy ny fahasahiana handray andraikitra vaovao sy tsara kokoa izay tsy maintsy miaraka amintsika hatrany.




> "
>
> Ary miaraka amin'ny fianakaviana, dia misy ny vondrom-piarahamonina kely na ny vondron'olona ifotony. Amin'ny maha-misionera, mieritreritra aho fa tsy maintsy hivoaka ny tranontsika sy ny eglizy …



Hamaranako azy : nieritreritra aho ary manohy mieritreritra be momba ny fomba vaovao ny fisian'ny Montfortana eo anivon'ny vahoakantsika ary ahoana no maha-misionera antsika ao anatin'ny zava-misy vaovao. Tsy dia manana valiny sy tolotra maro aho. Mbola tsy haiko ny mamerina ireo olona rehetra niparitaka nandritra ny areti-mandringana fa indrindra **ireo TANORA: eny, ahoana no fomba hamerenana ny tanora?** Tian'ireo tanora ve ny "mijery" Lamesa amin'ny tambajotran-tserasera na amin'ny fahitalavitra? Ary ahoana ny fomba hanohizana ny fivoriana, ny fifanakaikezana, ny fifamihinana, tsisy tahotra anaty hamaroana? Mazava ho azy fa tsy ny rehetra no hiverina! Ary ny fiangonana izay tsy maintsy NIVOAKA foana teo aloha, dia tsy maintsy hiroso amin'ny fahasahiana indray.

Ho ahy, heveriko fa tsy fotoana fitsaharana ity fotoanan'ny areti-mandringana ity ho an'ny Pretra sy ny mpisehatra pastoraly maro. Fa tonga ny fotoana hamerenanao indray ny tenanao, hijaly, hanao hadisoana, hatahotra. Ary ankehitriny dia miandry antsika ny rehetra fa ho be herim-po isika. Tandremo! Lany koa izany. Ny vokatry ny famohana sy fanidiana ny Eglizy iray, ny fanomanana na ny tsy fahafantarana ny diary pastoraly na ny kalandrie fankalazana, satria tsy fantatsika raha afaka hanatanteraka izany isika… **Ary na izany aza dia nantsoina avy hatrany izahay taorian'izay, satria ny iray namoy olona tao min'ny fianakaviany, ny iray nampidirina hopitaly, ny iray hafa notsaboina vonjy maika, ny iray nahiboka ary ny iray nalevina.. Olombelona ihany koa ny Pretra : mijaly sy mitomany izy ireo miaraka amin'ireo mpinony. Tena mafy ho azy ireo izany, nefa ho antsika Pretra dia mitovy izany. Tsy miombona ve isika? ▪**

**Fahazavana ara-tsaina**

# Ny kanzonieran'i Masindahy Louis Marie Grignion de Montfort

## *Andininy Telo arivo sy roa alina mba hitoriana ny Evanjely amin'ny mahantra*

*Nosoratan'I Mompera Alberto Valentini, Montfortana izy ity, izy izay mpampianatra teo aloha tao amin'ireo Oniversite pontifikaly maro tany Roma. Ity lahatsoratra ity dia nivoaka tao amin'ny "L'Osservatore Romano", gazety mpivoaka isan'andro ao Vatican, ny 28 Avrily 2021, nohon'ny fetin'I Masindahy Louis Marie Grignion de Montfort. Ao ambadik'ity lahatsoratra ity no ahitana ny "webinaire" mahakasika ny Tononkiran'I Montfort izay natao nanomboka ny 01 ka hatramin'ny 18 Febroary 2021, izay isaorana ireo Vaomiera mikasika ny ara-panahy. Ato anatin'ity lahatsoratra ity, ny mpanoratra dia manasongadina ny hevitry ny Tononkira Montfortana ao anatin'ny tontolo misionera izay nahitan'I Montfort ny tenany sy ny lanjan'ny Fiangonana misionera ankehitriny.*
*Ny "Kanzoniera" dia teny namboarina tamin'ny fiteny italiana mba hilazana ny kanto miady rima ho an'ny hira, amin'ity tranga ity eto dia mba ho an'ny tononkira.*



**Avy amin'i Alberto Valentini**

**Loharano nakana azy : *L'Osservatore Romano*, 28 avril 2021**


Ny fahatsiarovana ara-litorjika an'I Masindahy Louis Marie Grignion de Montfort ihany koa dia manasa antsika hisaintsaina amin'ity taona ity momba ny endriny sy ny sangan'asany izay tsy dia fantatra ny sasany.
Montfort dia fantatra maneran-tany amin'ny fiainam-panahiny sy ny foto-mpampianarany marialy : "Iza no tsy mahalala ny Boky Tena Fitiavana amam-panajana ny Virjiny Masina na ny Raki-tsarobidy nankinina tamin'i Maria ? Ary na izany aza, raha mijanona ho Apôstôlin'i Maria ny anaram-boninahiny lehibe, ny iraka nosahaniny sy ny fahasoavany dia mihoatra lavitra ny maridrefy marialy – tena ilaina – amin'ny zavatra niainany sy ny hafany » (Raymond Deville).

Tamin'ny alalan'ny fanjohina ireo takila miisa 1905 nandritra ny fanontana ofisialy ny "Œuvres Complètes » (Paris, 1966) sy ny karazana lohahevitra mandrafitra azy – toy ny maha-zava-dehibe ny Boky Ny Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay, Ny Taratasy ho an'ireo Sakaizan'ny Lakroa, Ny Fahamendrehan' ny Tsiambaratelon'ny Raozery Masina, ilay antsoina hoe « Vavaka Mivaivay » izay hiaka mafy amin'ny Trinite Masina mba hahazahoana misionera... – ary raha jerena ny zava-misy nataon'ity lehilahy izay tsy niaina



afa-tsy 43 taona monja ity dia niompana tamin'ny asa fitoriana ny androny manontolo – miampy ny dia an-tongotra nankany Roma mba hihaona amin'ny Papa – tena manaitra anay ny hatsara sy ny haben'ny asasorany.

Na izany aza, tsy ny rehetra no mahalala fa ao amin'ny sangan'asany dia misy ihany koa ny boky fihirana manaitra izay ahitana andininy 23 000, noforonina mba hirain'ny olona any ampamitàna iraka. Sangan'asa iray feno hatsikana lalina, miady rima, ao anatin'ny tanjona hametrahana ny fahamarinan'ny finoana ao an-tsaina sy ao am-pon'ny olona ary hitaona azy ireo hiova sy hampihatra ny hatsaran-toetra. Tononkira 163 izy ireo miaraka amin'ny salan'isa manodidina ny 140 eo ho eo - halava mitovy amin'ny hiran'I Dante Alighieri – izay nandrafitra ny katesizy lehibe sy miavaka, feno foto-pampianarana, tian'ny misionera, aim-panahy mahery. **Ny Tononkira, ho an'ny sasany dia rindra ara-java-maneno ilain'I Montfort bebe kokoa. Mazava ho azy fa izy ireo no asa nipoitra tamin'ny fomba tsy mitanila ny endrik'ilay misionera masina sy ny harena miavosa amin'ny fitoriany.**




Mikasika an'ny Italia, tamin'ny taona 2002, dia navoaka ny dikan-tononkalo feno manontolo (Edizioni Monfortane, Rome) miaraka amin'ny fitsikerana malalaka ary miaraka amin'ny famerenana ny lahatsoratra amin'ny teny frantsay ao amin'ny tapany faharoa amin'ny boky (pp.893-1717). Ny fanamarihana manokana dia tokony hasiana ny seminera iraisam-pirenena momba ny fandinihana ny tononkira, nankalazaina tao Roma ny volana Febroary lasa teo, izay mizara ho andinin-dahatsoratra efatra ambin'ny folo, novokarin'ireo manam-pahaizana isan-karazany avy amin'ny lafy valon'izao tontolo izao.


« Louis Marie Grignion de Montfort dia mpikaroka feno tsy mahalala sasatra tanteraka, teolojianina izay nanoratra famelabelarana momba ny Fahendren'Andriamanitra sy ny Fanoloran-tena amin'i Maria, mpitory ny Teny tsy mahalala reraka, mpamokatra fiovam-po tsy tambo isaina, ary ihany koa poeta mifono zavatra maro tsy takatry ny saina izay nanoratra andininy an-jatony ary an-jatony ho fitaovan'ny apôstôly » (Giorgio Francini).

Mazava ho azy fa tsy i Montfort no voalohany nampiasa hira malaza amin'ny fitoriana ny Evanjely: voasoratra ao anatiny lovan-tsofina iray ho an'ny iraka malaza ao Frantsa izy, saingy manao izany amin'ny fomba iray azy manokana tany am-boalohany, mahatsapa amin'ny alalan'ny hira ny tetikasa katesizy isan-karazany, ny asa pastoraly azo tsapain-tànana sy ny aim-panahy lalina.

Ny famoronana ny Tononkira no mameno ny fiainany, nanomboka izy tao amin'ny seminera tao Paris: araka ny fijoroana vavolombelona nataon'i J.B. Blain – mpiara-mianatra taminy sy mpahay ny tantaram-piainany voalohany – Montfort dia efa nanoratra tononkira ho an'ny iraka hosahaniny amin'ny hoavy.

Ny fanangonana ireo hira montfortana izay efa nianarana sy nankasitrahana tany aloha, ary tombony ho an'ny ankehitriny ny fitomboan'ny fankafizana sy ny fiheverana izany be dia be.






Ny tononkalony dia fanehoana sy fitakiana ny zotom-pony amin'ny asany misionera. Miaraka amin'I García Lorca, lazainy fa : "Yo tengo el fuego en mis manos" (amin'ny teny Espagnol, izay midika hoe: manana afo eo an-tànako aho). Ny tononkalony dia nipoitra avy tamin'ny afom-pitiavan'Andriamanitra sy ny fitiavany ny hitory ny Evanjely: "Andao isika rehetra hihira sy hirehitra amin'ny lelan'afo / Avy amin'ny zotom-po ho famonjena ny fanahy. / Vokatry ny fitiavan'Andriamanitra izany" (Tononkira 21, 1). Montfort, na dia manana fahaizana mamorona tononkalo tsy mahazatra efa ao anaty rany izay aza izy, vokatr'izany no nahafahany namorona andininy manaitra be dia be, tsy poeta matihanina izy ary tsy mikasa ny ho amin'izany izy. Namaritra lohasaha lalina mampiavaka azy izy, izany dia manasaraka azy lavitra amin'ireo poeta eto amin'izao tontolo izao: "Tsy hanintona anao ity / Ianao izay tsy mieritreritra afa-tsy ny rima, / Poeta lehibe, tsy mahazo aina./Apetrako amin'ny hafa ny fomba fanaonao" (Tononkira 2, andininy voalohany). "Ireto ny andininy sy ny hirako: / Raha tsy tsara izy ireo, dia tsara, / Raha tsy mandoka ny sofina / Mihira amin'ny fahagagana lehibe izy ireo" (Tononkira 2, and. 39). Mihira ho an'ny voninahitr'Andriamanitra izy ireo sy ny fitiavana ny fanahy: "Andao hataontsika hireondreona izao rehetra izao / amin'ny hirantsika sy ny andininy ao amintsika, / Mba ahafahan'Andriamanitra mirehareha eo / Ary ny hatsangana ao ny mpiara-monina." (Tononkira 1, and. 36).

Ny andininy noho izany dia ao amin'ny asa fitoriana. Ny fitoriana ny Evanjely amin'ny mahantra dia karazana literatiora amin'ny fanangonana ireo Tononkira Montfortana, izy io no mandrafitra ny antony, antony lehibe sy tanjona kendrena. "Vita izany, mihazakazaka erak'izao tontolo izao aho, /naka toe-tsaina mirenireny /mba hanavotra ireo mahantra miara-monina amiko". Tononkira 22, and.1). "Aminao Tompoko no kendreko ; / Ianao irery no orinasako, / Ho Anao irery tsy misy fanajana maha-olona. / Manitsakitsaka an'izao tontolo izao sy ny tarehiny aho" (ibid., and.6). « Andriamanitra, Andriamanitra, Andriamanitra, mihira ho an'Andriamanitra aho, / Enga anie ny rehetra ho tonga hihaino ahy" (Tononkira 3).

Ny fanangonana ny hira montfortana dia katesizy iray miavaka izay mandinika ny zava-miafina rehetra momba ny famonjena, saingy misy ny lantom-peo samihafa arakaraka ny maha-zava-dehibe ny lohahevitra isan-karazany lalaovina ao anatin'ny fiainana Kristianina sy ao anatin'ny hevitry ny olomasina. Noho io antony io dia misy antony sasany ilaina fiheverana manokana. Voalohany indrindra Andriamanitra, izay niavian'ny asa famonjena ary an'iza ny voninahitra, toy ny hita ao anatin'ny teny filamatra "Andriamanitra Irery", mipetraka ery ambany amin'ny ankamaroan'ny Tononkira, saika toy ny Sonia sy raikipohy doksolojika.

Avy eo Jesoa Kristy Fahendrena Mandrakizay sy tonga nofo, izay miseho faratampony amin'ny hadalan'ny Hazofijaliana. Ary farany, ny Renin'ny Tompo, ho Azy no nanokanany toerana lehibe amin'ny boky, mitondra ny lohateny hoe : « Tononkiran'ny Virjiny Masina indrindra » (nos 75-90), ireo rehetra ireo dia nalamin'i Montfort irery ihany.

Ny tononkira dia mamerina miaraka amin'ny karazany maro mifangaro, izay efa voalaza tsara ao amin'ny Fitiavana ny Fahendrena mandrakizay ary naverimberiny mafy ao anatin'ny Tena Fitiavana amam-panajana, izany hoe ny fisian'i Maria sy ny asa nataony dia mikendry manontolo ny fahalalana an'i Kristy, izany hoe : izany rehetra izany dia ao anatin'ny tetik'asan'Andriamanitra miafina ary mikendry ny voninahitry ny Trinite Masina. Amin'ny fanompoana io tanjona io sy amin'ity toe-javatra ity, ny « Kanzoniera » dia manolotra antony maro hafa, ny sasany mivoatra be. Ny sampana fisokafana dia mifantoka amin'ny hatsaram-panahy lehibe ao amin'ny fiainana kristianina, manomboka amin'ny hatsaram-panahy ara-teolojika (milahatra araka : ny fiantrana, finoana, fanantenana), arahan'ireo andiana hira 10 momba ny fanamavoana an'izao tontolo izao, ireo fifaliana diso sy alahelo. Ny Tononkira 40-44 47-48 dia natokana ho an'ny Fon'i Jesoa.

Mifanaraka amin'ny vanim-potoana litorjika, ny tononkira 57-66 dia maneho fisaintsainana tsara momba ny zava-miafin'ny Noely, fa ireto manaraka ireto koa, 67-73 dia natokana ho an'ny Fitiavan'ny Tompo ary miafara amin'ny fandinihana an'i Maria eo an—tongotry ny Lakroa (Tononkira 74). Manaraka izany dia misy vondrona tononkira lehibe natokana ho an'ny Virjiny Masina (nn. 75-90) araka ny efa voalaza, izay tsy maintsy ampianay lahatsoratra hafa miparitaka. Manaraka ny andian'ny Tononkira, 91-99, momba ny olona samihafa, nantsoina hiaina ny fiainana Kristianina araka ny fari-piainany manokana avy. Ny tononkira laharana 123-126 dia mandinika ny fanajana ny Lakroa sy ny Fahendrena raha ny andininy 128-134 kosa maneho ny Tononkira ho an'ny Sakramenta Masina indrindra ho antsika rehetra isan'andro amin'ny herinandro. Ny laharana 135 hatramin'ny farany dia misy ny famondronana ny lahatsoratra, araka ny votoatiny isan-karazany, ny sasany efa mivoatra sy mitohy indray, ny hafa vaovao.

Araka ny hitantsika, lohahevitra maro no voadinika lalina ary mendrika ny fifantohana sahaza azy, toy ny andrana seminera iraisam-pirenena vao natao tany Roma farany teo, vao avy noresahantsika teo. Ny harena tsy manam-paharoa sy ny karazana tononkira dia maneho mazava tsara ny lazan'i Montfort – araka ny voalaza tany am-piandohana – miankina amin'ny zavatra niainany sy ny foto-mpampianarany mikasika an'i Maria, nefa tsy voafetran'izay ny iraka nataony sy ny fahasoavany. Tsy misy isalasalana fa mitahiry toerana be dia be ho an'ny Virjiny ny fanangonana ireo hira montfortana – izay tsy misaraka velively amin'I Kristy sy ny refin'ny Trinite masina ary amin'ny antom-pisian'ny iraka – fa miresaka zavatra hafa maro lafy sy ny refin'ny fiainana Kristianina. Raha atao amin'ny teny hafa, ny tononkira dia maneho ny endrika sy ny foto-pampianaran'i Montfort amin'ny ankapobeny. Manana ny anjara toerany lehibe Maria Virjiny fa mifandraika mandrakariva amin'ny misterim-pamonjena. Ivelan'ity tontolo malalaka sy manapa-kevitra ity, hanana ampahana fahitana sy iraisana momba izany isika : izay tsy ho araka ny fahitan'i Montfort.■



**Tantaram-piainan'ny Misionera efa nodimandry**

# Ny tantaram-piainan'ny mpanorina ny Fikambanana Lahika sy ny Fiangonana "Consecratio Mundi",

# Mompera Luka Cirimotic',

## *Pretra Misiônera Montfortana*

**Miaraka amin'i Rosa Anna Colasuonno**



***Père Luka Cirimotic', SMM***

Teraka tao Janjevo (Kosovo) ny 18 Aogositra 1929, Mompera Luka Cirimotic', nandalo tao amin'ny toerana fanaovana fanatanjahan-tena tao Pazin sy Osijek izy. Nandritra ny fanompoam-pirenena nataony, nahavita fiofanana ho manamboninahitra ambony ho mpiandraikitra ny tahiry koa izy.

Nanaraka ny fianarana teolojia tao Zagreb izy ary nohamasinina ho Pretra tao Skopje ny 29 jona 1959, ary nanankinana paroasy avy hatrany. Taorian'ny fahavitany ny fianarany tamin'ny Noely 1960, nankinin'ny Eveka Mgr. S. Franjo Cekada taminy ny paroasin'i Stubla sy Binac.

Tao amin'ireo Paroasy anankiroa ireo, mpiambina tsotra anankiroa no nikarakara ny Eglizy. Na dia teo aza ny fahasahiranana goavana nateraky ny fitondrana kaominista sy ny fahantran'ny mponina, tsy ela dia nahavita nanangana Eglizy I Mompera Luka noho ny fahatokisany tanteraka an'I Masina Maria. Izany no mahatonga ny mpino ao hanana fifandraisana lalina aminy sy amin'izy samy izy ary amin'Andriamanitra.


Heveriny ho vonjy maika ny fahafahany manamarina ny maha-zava-dehibe ny fanokanan-tena amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny tànan'i Maria izay iainan'ny Paroasy rehetra isan-tsokajiny, ary indrindra ny tanora. Maro amin'izy ireo, raha ny marina, no misaotra noho ny fijoroana vavolombelona nataony tamin'ny fiainana maha-pretra azy, izay mifanaraka sy feno fientanentanana, ka maro no tonga pretra ary miasa any amin'ny diosezy ankehitriny na ihany koa misionera any Albanie.

Miaraka amin'ny fanampian'i Maria Virjiny, nahazo alalana avy amin'ny governemanta i Mompera Luka ny farany hanorina eglizy, tranon'ny paroasy ary toeram-pitsaboana ho an'ny fianakaviana sahirana. Ankoatra izay, mahazo alalana ihany koa izy hanamboatra lalam-bahoaka, taorian'ny tolo-kevitra marobe, loharanom-pahagagana ho an'ny silamo sy ny ortodoksa ity zava-misy ity. Izy io dia heverina ho toy ny famantarana ara-paminaniana amin'ny fiantsoana azy hanokatra ny làlana mankamin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ny endriny vaovao sy ny aim-panahy amin'ny Fanokanan-tena ho an'ny fo anankitelo, dia : amin'i Masina Maria, amin'i Jesoa ary amin'Andriamanitra Ray, amin'ny alalan'ny teolojia vaovao sy fampiharana izany amin'ny asa pastoraly.

Nandritra ny Konsily Vatikana faharoa, Mompera Luka dia niara-niasa tamin'ny Evekan'ny Skopje, Mgr. S. Franjo Cekada, izay nomeny fandinihana fohy mikasika ny sori-dàlana pastoralin'ny Eglizy ankehitriny. Ity lahatsoratra ity dia nomena an'i Prof. Ivan Golub, mpikambana ao amin'ny Vaomiera teolojika pontifikaly tamin'ny taona 2009.

Mompera Luka, mahatsapa ny antson'Andriamanitra vaovao ao aminy, manakaiky ny aim-panahy amin'ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria, mangataka izy mba heken'ny Misionera Montfortana izany.



Miaraka amin'ny fahazoan-dàlana avy amin'i Mompera lehibem-pikambanana, dia nisoratra anarana tao amin'ny Ivon-toeram-piofanana amin'ny asa pastoraly ao amin'ny Oniversite-n'ny Latran izy. Taorian'ny enim-bolana voalohany, dia nanomana ny fandinihany mikasika ny drafitra pastoraly izy ary nanolotra izany tamin'ny Filohan'ny Angelicum dia I Mompera Raimondo Sigmud, izy izay rehefa avy namaky ny lahatsoratra dia nilaza taminy hoe: "Novakiako indray mijery izy rehetra ity.

Manam-pahaizana ambony amin'ny fanomezam-pahasoavana amin'ny resaka Konsily ny tenako ary milaza aminao aho fa: io no fanomezam-pahasoavana ho anao, ka tsy maintsy manoratra boky mikasika io lohahevitra io ianao". Natolotra ny sojabe ao amin'ity ivon-toeram-piofanana amin'ny asa pastoraly ao amin'ny Oniversite-n'ny Latran sy Gregoriana ny lahatsoratra, ny profesora Domenico Grasso izay nanoratra ireto teny ireto tao amin'ny takila farany : « Marina daholo ary tsara avokoa ! Ilaina ny fampiharana azy ity. Io no toro-hevitra voamarina". Amin'ny fitadiavana valiny mifanaraka amin'ny fanontaniana: manao ahoana ny famonjena atolotr'Andriamanitra ny olona? Notsipihany tsara ny fandinihana momba an'I Kristy, momba an'I Maria ary ny fiombonan'ny Trinite Masina izay ampifandraisina amin'ny fahatakarana ny anton'ny fijaliana sy ny lohahevitra hafa manandanja, hangonina ho tonga fototry ny



fitoriana ny vaovao Mahafaly amin'ny endriny vaovao. Mamorona foto-kevitra vaovao momba ny aim-panahy amin'ny fanokanan-tena amin'ny Fon'I Maria, amin'I Jesoa ary amin'Andriamanitra Ray ihany koa izy io.

Ireo lohahevitra anankiroa ireo dia natolotra indray mandeha miaraka tamin'ny Mars 1981 tamin'ny Fihaonam-be episkôpaly tao Yougoslavie izay mandrafitra ny "Komitin'ny Fanokanan-tenan'ny vahoaka ao Yougoslavie amin'ny Fo Madion'I Maria ».

Mpitory teny mampihetsi-po, maharitra sy be zotom-po, be finiavana sy tena mafana fo, Mompera Luka dia niasa mafy mba hananana ivon-toerana fanazaram-panahy ao Medjugorje ary nanangana avy hatrany ny « Sakaizan'ny Aim-panahy Montfortana (Amis de la Spiritualité Montfortaine » avy eo ny hetsika iraisam-pirenena iangonan'ny lahika, « Consecration Mundi ». Teolojianina lalina sy maranitra, izy no nanome ny fampiharana ny Fanokanan-tena amin'i Maria mifototra ara-baiboly sy ara-teolojia mafy orina, manasongadina ny fifandraisana akaiky amin'ny tena zava-misy ara-panahy sy amin'ny maha-olombelona miaraka amin'ireo lohahevitra rehetra voarindra ara-teolojia.

Ny fisian'ity misionera tsy mahalala sasatra sy manetry tena teto an-tany ity dia tsy mba afa-niala tamin'ny fijaliana ara-batana noho ny tsy fahasalamana. Niaina tsy fifankazahoan-kevitra sy fahoriana isan-karazany izy. Fa hainy ny niana izany rehetra izany ary tsy nandao an'izany fa nanaiky ny sitrapon'Andriamanitra tamin-kalemem-panahy, nankatoa ny Eglizy Reny Masina ary ny lehibeny. Ny toetrany malefaka, manetry tena, tsara fanahy, malala-tànana, falifaly sy tia mandray ireo rehetra manatona azy, namela azy hanorina fifandraisana dia fifandraisana amin'ny olona maro, miainga amin'ny tsotra indrindra, ny mahantra indrindra, ireo manetry tena be ka hatramin'ireo mpanan-karena indrindra sy manan-kery amin'ny sokajy ara-tsosialy isan-karazany. Nomena fahatsapana lalina amin'ny maha-olona izy ary ny fahatakarana ny maha-ray aman-dreny manoloana ireo olona marefo indrindra ary tsy manana fiainam-pinoana manokana, fantatr'i Mompera Luka ny fomba hiarahany amin'ny olona marobe amin'ny làlan'ny fiovam-po sy ny fitomboan'ny finoana an'Andriamanitra Trinite Masina, amin'ny alalan'ny faharesen-dahatra mafy amin'ny fanelanelanana amin'ny maha-Reny an'i Maria Virjiny manoloana ireo zava-boaharin'Andriamanitra sy ny asan'ny Fanahy Masina mahery.

Tratrin'ny fivontosana tao amin'ny sarak'aty izy ary maty tany Macédoine, ka teraka any an-danitra ny 23 Avrily 2006, andro fankalazana ny fetin'ny Famindram-pon'Andriamanitra.

Ny « làlana misionera ara-panahy » nizoran'i Mompera Luka dia nandalo Firenena maro : Canada, Mexique, Pérou, Colombie sy firenena hafa tany Amerika Latina, ary ihany koa firenena afrikana, tany Eoropa, niasa manokana tany amin'ny firenena Eoropa atsinanana izy. Nampiroborobo ny fivahinianana Masina ny hetsika « Consecratio Mundi » tany Rosia izy mba ho fanomezam-boninahitra ny Fo Madion'I Masina Maria, tany Italia ihany koa, nandritra ny taona maro, nahazo tombony be tamin'ny fitoriany misionera ara-teolojika sy ny katesizy izy.

Tany Italia, nantsoin'ny avy amin'ny lafy valo maro izy, tany avaratra ka hatrany atsimo, ny tao amin'ny monastera, ny ivon-toeram-piofanana Relijiozy, ny paroasy, ny karazana hetsika ao amin'ny Katolika, ny vondrom-pinoan'ny mpino, ny fikambanam-pianakaviana, ireo rehetra maniry handalina sy hahafantatra ny zava-misy ara-panahy amin'ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria havaozina isan'andro, asongadin'ny fizotry ny fivadiham-pinoana, ny tsy firaharahiam-pinoana ary ny fifikirana ara-etika – moraly –



kolontsaina ; Ireo izay nahalala sy nandre ny ny fitoriana nataony dia mijoro ho vavolombelona amin'izany, miampy ny finoany mamirapiratra sy mafana, ny fanomezam-pahasoavana amin'ny maha-pretra sy maha-misionera azy zay tena ambony, izay mitondra fahatsiarovana tsy mety maty momba azy.

Hijanona ho resy lahatra isika fa manelanelana antsika any am-paradisa izy mba ho tanteraka izay natombony tamin'ny fitoriana nataony tamin-kafanam-po sy mahafatra-po izay tanteraka ao amin'ny Eglizin'ny taon'arivo vaovao.

**Fihaonam-be iraisam-pirenena natolotra sy nentanin'i Mompera Luka Cirimotic' mba ho fanolorana sy fanaparitahana ny votoatin'ny fitoriana ny Evanjely amin'ny endriny vaovao sy ny aim-panahy mifototra amin'ny Fanokanan-tena amin'ny fo anankitelo amin'ny fanompoana ny Eglizy.**

Fihaonam-be voalohany tao Roma, Fetin'ny Filazana, tamin'ny taona 1991, ny lohahevitra : « ny maha-zava-dehibe ny Fanokanan-tena"

Fihaonam-be faharoa tao Roma, 22-25 Marsa 1992, lohahevitra: « Ny Virjiny sy ny Trinite Masina »

Fihaonam-be fahatelo tao Lorette, 24-27 Marsa 1993, lohahevitra: « Ny Virjiny sy ny Eglizy »

Fihaonam-be fahaefatra tao Roma, 24-27 Marsa 1994, lohahevitra : « Mpitondra ny fianakavian'Andriamanitra sy ny Fanokanan-tenan'izao tontolo izao"

Fihaonam-be fahadimy tao Roma, 24-26 Marsa 1995, lohahevitra : « Ny Fanahy Masina tao amin'ny fiainan'i Jesoa sy Maria ary ny Diosezy »

Fihaonam-be fahaenina tao Roma, 23-25 Marsa 1996, lohahevitra : « Jesoa – Olombelona, ny Reniny sy ny olombelona mifandray amin'ny tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahatongavana ho Nofo sy ny Fanambarana »

Fihaonam-be fahafito tao Roma, 1-4 Mey 1997, lohahevitra : « Mba hahalalana misimisy kokoa an'I Jesoa Kristy sy handraisana azy, Izy irery no mpanelanelana antsika amin'Andriamanitra sy ny olona »

Fihaonam-be fahavalo tao Lorette, 23-25 Marsa 1998, lohahevitra: « Ny Fanahy Masina ao amin'ny Trinite Masina sy ao amin'ny fahariana »

Fihaonam-be fahasivy tao Lorette, 24-26 Marsa 1999, lohahevitra: "Andriamanitra Ray mifandraika amin'ny Trinite Masina sy ny fahariana"

Fihaonam-be fahafolo tao Lorette, 22-25 Marsa 2000, taon-jobily Masina lehibe nambaran'I Olomasina Joany Paoly Faharoa, lohahevitra: " Ny Trinite Masina mifandraika amin'I Jesoa – Olombelona sy Maria ary ny Eglizy"

Fihaonam-be faha-11 tao Lorette, 23-25 Mars 2001, lohahevitra : « Ny misterin'ny fijaliana amin'ny fahazavan'ny fitoriana ny Evanjely amin'ny endriny vaovao »

Fihaonam-be faha-12 tao Lorette, 15-17 Oktobra 2003, lohahevitra : « Jesoa sy Maria ary ny Eglizy mifandraika amin'ny fahotana sy ny fahasoavana »

Fihaonam-be faha-13 tao Lorette, 4-7 Oktobra 2003, lohahevitra : « Vavaka sy fifadian-kanina ary ny fiantrana teo amin'ny fiainan'i Jesoa, Maria sy ny olona »

Fihaonam-be faha-14 tao Lorette, 5-8 Desambra 2004, lohahevitra : « Ny Teny nambara sy ny fiainana any am-paran'I Jesoa-Olombelona, Masina Maria Virjiny, ny Anjely ary ny olona ». ■

Consecratio Mundi

**Andrana misiônera**

# Hazofijaliana inona,
# raha tsy misy Hazofijaliana !



*Izao manaraka izao dia fijoroana vavolombelona amin'ny fiainana misionera nataon'i P. Prem, Misionera Montfortanina avy any Inde. Ny fifandraisana amin'ireo olona sahirana amin'ny sehatra samihafa, anisan'izany ny sehatra ekonomika sy ara pahasalamana, dia mitaky aminy fihainoana sy finiavana hanao bebe kokoa. Fomba fanehoana firaisan-kina amin'ireo sahirana izany.*

**P. Prem Kumar,**
**Misionera Montfortanina**
**avy any Inde**

Ry rahalahy sy anabavy ao amin'i Kristy, Izaho no P. Prem avy aty Inde. Ankafaliana sy tombony ho ahy ny fahafahako mizara aminareo ny fijoroako vavolombelona manokana amin'ny maha Misionera Montfortanina ahy. Ity andrana miavaka ity dia manana ny loharano nipoirany ao amin'ireo Lalàm-panorenan'ny Misioneran'ny Compagnie de Marie, laharana faha 5, izay ahitàna ilay andininy amin'ny Soratra Masina hoe : « ka namoy ny zavatra rehetra, ary nanaraka Azy » (Lk 5,11). Fantatr'i Masindahy Montfort tsara ny hevitr'ilay hoe fahafahana manontolo izay takian'i Kristy amin'ny mpianany mba ahafahan'izy ireo manaraka Azy sy hiroso tahaka an'ireo apôstôly voalohany mba hitory an'i Kristy, araka ny nandidiany azy.

Ny fahafahana manontolo izay nanindry ahy no nanosika ahy handeha misiôna avy hatrany tany avaratry ny faritr'i **Karnataka, Inde**, tany amin'ireo Zezoita, raha vao tontosa ny fanamasinana ahy ho pretra tamin'ny taona 2010. Mamely mafy ny fahantrana sy ny hain-tany any; tsy mba manana sekoly fianarana na hopitaly hitsaboana tena koa ny olona. Vao ny andro voalohany nahatongavako dia efa nahita tontolo hafa mihintsy aho. Ahoana ary no fomba atao raha tsy misy ny làlana handehanana, tsy misy ny fomba hifamoivoizana sy rano madio hosotroina ? Na dia efa niaina tao amin'io faritany io ihany aza aho dia tsy nanampo mihintsy ahita ity faritra tsy mbola fantatro mihintsy ity.

Ny alina voalohany natoriako tao dia naheno andian'olona maro nikiakiaka sy nihazakazaka namonjy toerana avo aho satria nisy tondra-drano ary maro ireo trano sy biby fiompy no nindaosin'ny rano. Very avokoa ny fanànan'ny olona ; very ny tranony, ny biby niompiany, ny voly an-tanety nataony ary maro koa ny namoy ny ainy. Nahatsiaro tohina mafy arabatana sy ara-tsaina ary ara-panahy izy ireo noho ity safodrano ity. Nony ny ampitso dia nanomboka ny fiainako niaraka tamin'ireto olona tsy nanan'inon'inona ireto aho. Tsy mora velively ny fanombohana misiôna niaraka tamin'ity andrana voalohany ity. Niangavy an'ireo olona ireo aho mba hifanohana amin'ny ara-tsakafo sy ny trano hialofana vonjy maika.




Mba hanadihady mikasika ireo fahaverezana sy izay fanampiana ilainy maika no antom-pisiako teo. Nisahana tanàna kely manodidina ny 30 aho tao amin'io faritra io amin'ny ka nihaona tamin'ny vahoaka, niresaka tamin'izy ireo ary nandray vahaolana avy hatrany mahakasika izay fomba hamatsiana azy.
Mandritra izany fotoana izany dia nanohy ny famatsiana azy tamin'izay filàny ara-pitaovana izahay sy ireo Zezoita, na dia maro taminy aza no finoana « hindou » sady mahantra. Ny ankamaroan'ny zaza dia tsy ampy sakafo. Maro tamin'izy ireny no mikarakara biby fiompy sy manampy ny ray aman-dreniny any an-tsaha fa tsy mba mandeha any an-tsekoly.
Tamin'izany andro rehetra izany dia nitsidika ireo tanàna kely rehetra aho ary nifandray tamin'ny ankizy, olon-dehibe lehilahy sy vehivavy, mba hanohana azy ireny ara-tsaina sy ara-pitaovana. Nampianatra katesizy ny olon-dehibe sy ankizy aho isaky ny hariva amin'ny alàlan'ny fanoharana, ny hatsaram-panahy ary ireo tantara fananarana. Ny fomba ahafahany mihoatra ny zavatra iainany no zava-dehibe.






Indray andro aho nankany **Hulugunchi**, vohitra kely iray. Nihaona tamin'ny mponina tao aho ary nony nody ny alina iny dia natory tao amin'ny trano iray mifanila amin'ny Lasapely, izay simba tanteraka noho ilay safo-drano. Teo amin'ny telo maraina teo dia naheno olona nandondona sy niantso ahy hoe « Mompera, Mompera… » aho. Natahotra ihany aho fa hoy aho hoe misy antony tena maika matetika no mahatonga ny olona hiantso pretra amin'izao ora izao.

Raha nanokatra ny varavarana aho dia nahita mpivady. Nangataka ny hiresaka tamiko izy ireo. Nipetraka nanoloana azy aho ary nihaino azy. Ilay ramatoa, **T. Ayamma**, no nanomboka nitantara ny manahirana azy. Dimy no zanak'izy ireo ary ny vadiny irery no mampidi-bola ao an-tokantrano. Mararin'ny homamiadan'ny nono ity ramatoa ity ary efa nihombo fatratra ny aretiny. Efa narary mafy loatra izy ka nisy lavaka noho ny aretina ny tratrany. Notapenany lamba ny fery mba hampijanona ny fikorian'ny rà ary tsy nasehony ny vadiny mihintsy izany. Nampiahiahy azy mantsy ny hanao izany sao hanaitra ny vadiny sy hitarika ny fahafatesany, ary tsy tiany ho kamboty ray sy reny ny zanany. Noho izany, nana-kevitra ny hamono tena izy ary efa nivonona ny hisotro poizina io alina io.
Tsy nahita fomba hafa hiatrehana ny zava-misy izy noho ny fahantran'izy ireo. Io alina io àry dia nahandro sakafo tena tsara ho an'ny vady aman-janany izy ary nandeha natory rehefa avy eo. Nifoha izy tamin'ny sasakalina, nanopy maso farany tany amin'ny vady aman-janany ary nandray ilay tavoahangy nisy ny poizina. Vao tsy nisotro akory izy dia toa nahatsapa fa misy mitazana azy avy any ivelan'ny trano. Raha nanokatra ny varavarana izy dia nahita olona miakanjo fotsy naniraka azy handeha hijery ilay pretra any **Pannur**, izay nisy ahy. Dia niainga vao mangiran-dratsy izy mivady, nandeha tongotra adiny roa mba hihaona amiko.
Manoloana izany dia nanomboka nangataka fanampiana tamin'ny olona aho. Ary rehefa hitako fa tsy ampy izay voahangona dia nanoratra tany amin'ny lehibe mpitantana ny hopitaly aho mba hanampy ity fianakaviana kely ity, eo am-piventesana ny vavak'i Montfort sy Maria ihany. Namaly ny hopitaly ka nanaiky ny handidiana azy. Afaka manambara amin-kafaliana aho ankehitriny fa mbola velon'aina io ramatoa io ary nanjary kristianina avokoa izy mianakavy kely. Ny zanany vavy iray aza niditra tany amin'ny fikambanan-drelijiozy mihintsy. Andro vitsivitsy taty aoriana dia nitsidika azy ireo aho ary nahita ny Hazofijaliana natao sary teo amin'ny rindrina. Rehefa nanontany izay nanao ny sary aho dia novalian'izy ireo fa ny iray tamin'ireo zanany lahy no nanao izany nandritra ny fotoana nijanonan-dreniny teny amin'ny hopitaly. Inoako fa fahagagàn'ny Hazofijaliana izany. Nanomboka teo dia nanjary famantarana manan-danja ho an'ity fianakaviana ity ny Hazofijaliana. Ao amin'izany heviny izany ihany, moa ve tsy niteny tokoa i Montfort hoe **«Hazofijaliana inona, raha tsy misy Hazofijaliana »?**

Nandritra izany tantara nitranga izany, ny anjarako dia ny fahafahana. Ary izany fahafahako izany dia nanampy fianakaviana iray ahalala ny fahefan'ny Hazofijaliana. Tamin'ny fiainan'i Montfort no nindramako io teny io. Amin'ny maha pretra tanora ahy dia i Montfort no nampianatra ahy hanana fahafahana ho an'ny hafa. Sambatra tokoa aho manambara fa ireo telo taona niarahako tamin'ireo mahantra ireo no anisan'ny andrana tsara indrindra niainako amin'ny maha pretra ahy hatramin'izao.

Ankehitriny, entanina isika mba ho vavolombelon'izany hazofijaliana izay norohan'i Montfort teo amin'ny fiainany izany. Mino koa aho fa ny famakiana ity tantara ity dia hitondra fahazavana ho antsika amin'ny fiainana ny hazofijaliantsika sy izay fahasahiranana amin'ny fomba fijery hafa. ■





« ka namoy ny zavatra rehetra, ary nanaraka Azy » ( Lk 5,11 )

**Vaovao**

# Fihaonana tamin'ny Abbé Venant sy Abbé Simon tany amin'ny Sanctuaire marial ao Mugera, Burundi

**Arnold SUHARDI,**
**avy any Gitega - Burundi**



Ny talata voalohan'ny volana jiona 2021, tamin'ny 8ora sy fahefany no nentin'i Mompera Eugenio Cucchi tamin'ny fiarakodia nankany Mugera izahay (Mompera Luizinho sy ny tenako). Niaraka taminay koa i Frera Claude, skolastika. Maharitra 45minitra ny fandehanana any amin'ny fiarakodia. Ao anatin'ny Provinsy sy Arsidiosezin'i Gitega no misy an'i Mugera.

Toy ny renivohitry ny finoana an'io firenena io ihany koa no andraisana an'i Mugera. Ny nahatonga izany dia noho ny fanokanan'ireo eveka ny firenena, tamin'ny taona 1961, tamin'ny Renin'ny Mpamonjy tao amin'ny lavabaton'i Notre-Dame izay anisan'ny nanamboatra azy i **Mompera Achille Denis, ilay misionera fotsy hoditra, mpanorina ny fikambanana Militantes de la Sainte Vierge, fikambanana lahika efa nanokan-tena niainga avy amin'ny aim-panahy montfortanina.**



**Mba hihaona tamin'i Abbé Venant MPOZAKO, mpandrindra ny Fraternité des Prêtres de Marie Reine des Cœurs no tanjonay tany.** Izy no pretra tompom-paritany tao amin'ny paroasy Saint Antoine de Padoue tao Mugera sady miandraikitra ny Sanctuaire N-D de Lourdes ao Mugera.

**Nanaraka anay tany ihany koa i Abbé Simon GISAYA izay mpikambana ao amin'io Fraternité io sy voatendrin'ny Fivondronamben'ny Eveka ao Burundi ho Aomonie an'ireo hetsika ara-panahy-misionera rehetra miainga avy amin'ny aim-panahy montfortanina : Légion de Marie, Iniyegu (efa nanokan-tena) ary Amis de Montfort.**

Nandray anay tamim-pitiavana i Abbé Venant. Rehefa avy nitsidika ny fiangonana paroasialy, izay mbola eo am-panavaozana ny tafo, dia nizotra nankany amin'ny lagroty izahay. Nitondra fanazavana ny antom-pisian'i Mugera ho an'ny firenena sy ho an'ny fiangonana katolika ao Burundi i Abbé Venant teny an-dàlana.

Izahay irery no nanoloana ny lagroty. Avy eo dia nizotra nankany aorian'ny lagroty izahay. Rehefa tonga teo amin'ny trano lehibe fivantanan'ireo mpivahiny dia nahatazana an'i Abbé Simon GISAYA nanatona anay izahay. Nanomboka teo dia nifampizara izay mba nofinofinay tsirairay avy izahay efatra mirahalahy.
Nanazava taminay i Abbé Venant fa mbola tsy manana Sata mifehy azy ny Fraternité hatramin'izao. Manodidina ny dimanpolo ny isan'ny pretra diosezianina efa mpikambana ao. Manan-danja lehibe ny andraikitry ny Militantes de la sainte Vierge amin'ny fitarihana ny fivoriana fanaon'izy ireo isaky ny volana janoary isan-taona.

Nolazainy anay koa fa maro ny pretra ao Burundi, ankehitriny, no nipoitra avy tao amin'ny fianakaviana manana fiainam-panahy misy ifandraisany amin'i Montfort, manoloana ireo vondrona maro isan-karazany misy. Miasa amim-pahatsorana, amim-panetren-tena ary tsy voatery an-karihary kanefa ahitam-bokatra tokoa ireny fianakaviana ireny any amin'ireo tanàna ambanivohitra mba hamelona ny finoana kristianina ao amin'ny firenena.




*Abbé Simon, le p. Luizinho, Abbé Venant*

Teo no teraka ny fikasàna mba hampahafantatra bebe kokoa an'i Montfort. Irian'i Abbé Venant manokana ihany koa mba hanohy ny asa fitoriana ny Evanjely ao amin'ny firenena ny aim-panahy montfortanina.

Mahakasika izany indrindra no nozarainay sy P. Luizinho ny fipoiran'ny maha zava-dehibe ny fananganana fitoeram-boky amin'ny aterineto momba an'i Montfort : ny fiainany sy ireo fampianarany. Tanteraka izany hevitra izany nandritra ny fifampiresahana nataon'i Abbé Simon sy P. Luizinho, raha nandalo tao amin'ny Scolasticat Montfortain tao Gitega i Abbé Simon, tamin'ny 25 may. Hanan-danja ho an'ireo pretra mpikambana ao amin'ny Fraternité, ary iriana hivelatra ho an'ny olon-drehetra ihany koa, ity fitoeram-boky ity. Ny anjarako amin'izany dia ny famatsiana izay azo fantarina momba an'i Montfort amin'io vondrona io amin'ny alàlan'ny mailaka na WhatsApp.

> “ ”
>
> Ny fihaonana tamin'ireto pretra roa lehibe ireto mba hanelezana ny aim-panahy montfortanina ao amin'io firenena io dia fotoana nanan-kasina tokoa, izany hoe fotoana izay nahafahanay nifampizara ny aingam-panahy masina izay mitoetra ao anatinay tsirairay avy, ho an'ny fiainana ara-panahy sy ny asa misioneran'ny Fiangonana ao amin'io firenena io.



Ankoatran'izany dia nanambara ny faniriany mba hanana, indray andro any, Toerana fiainana ny Aim-panahy Montfortanina tsy lavitra ny Mont Mugera i Abbé Venant. Ny tanjony amin'izany dia toerana hanomezana fiofanana ara-panahy-misionera ho an'ireo Hetsika na vondrona rehetra izay miainga avy amin'ny aim-panahin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort. Nankahery ireo Misionera Montfortanina mba handinika ny fahafahana manatanteraka izany izy.

Rahefa izany dia mba nankaherezinay ihany koa ireto pretra mirahalahy ireto, izay mpiara-miasa tena ilaina, ny hanohy ny fampahafantarana an'i Montfort sy ny momba ireo tolo-kevitra ara-panahy nentiny, miaraka na tsia amin'ny firotsahan'ireo Misionera Montfortanina miasa ao amin'ny paroasin'i Bwoga sy ao amin'ny Scolasticat ao Gitega.

Rehefa vita ny fifanakalozanay ireo nofinofinay dia nitanjozotra nankany amin'ny tranon'ireo Militantes de la Sainte Vierge izay tsy lavitra ny trano lehibe izahay mba hiara-hiala hetaheta sy haka aina kely. Masera Geneviève, izay anisan'ireo mpikambana dimy ao amin'io ankohonam-piainana io, no nitsena anay. Norosoan'izy ireo zava-pisotro sy sakafo maivana izahay. Ary avy eo dia niverina tany Songa, Gitega, misy ny ankohonam-piainana nitoeranay.

Tena saro-bidy tokoa ity fihaonana ity na dia toa somary tsotra ihany aza. Tsy tao amin'ireo hevitra teraka noho izany no antony fa tao amin'ilay fihaonana mihintsy. Ny manangana tetezana mba hifankahalalàna sy hifandraisana amin'ny hafa ary mitsinjo izay mety ho azo hiaraha-miasa dia zava-dehibe tokoa ny fanatanterahana azy matetika. Ny fihaonana tamin'ireto pretra roa lehibe ireto mba hanelezana ny aim-panahy montfortanina ao amin'io firenena io dia fotoana nanan-kasina tokoa, izany hoe fotoana izay nahafahanay nifampizara ny aingam-panahy masina izay mitoetra ao anatinay tsirairay avy, ho an'ny fiainana ara-panahy sy ny asa misioneran'ny Fiangonana ao amin'io firenena io. ■

**Fanazavana ara baiboly**



# «Ny Latabatry ny Teny»

*18 JOLAY 2021*
*Alahady faha 16  Mandavantaona — Taona B*

**Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ**

**Evanjely Masina nosoratan'i Md Marka.**

*Tamin'izany andro izany, nony niverina teo amin'i Jesoa ny Apôstôly, dia nilaza taminy ny zavatra rehetra nataony sy nampianariny.*

*Ary hoy Izy taminy : « Avia ianareo, ndeha mitokana any amin'ny tany mangingina, ka mialà sasatra kely » ; fa maro ny olona nifamoivoy ka tsy nisy hihinanany akory.*

*Dia niara-niondrana an-tsambo  kely izy ireo ka lasa nitokana any amin'ny tany mangingina.*

*Fa hitan'ny olona ny nandehanany ary maro ny nahalala ny nalehany, ka nidododona nandeha tongotra avy amin'ny tanàna rehetra sy tonga tany talohany.*

*Ary nony nivoaka avy tao an-tsambo i Jesoa dia nahita ireto vahoaka betsaka ka nangoraka azy, satria tahaka ny ondry tsy mana-mpiandry izy ireo, dia nampianatra azy zavatra maro Izy.*

Mitatitra amintsika ny fiverenan'ireo mpianatra avy any amin'ny iraka voalohany notanterahiny ny Evanjely amin'ity alahady faha 18 jolay ity (alahady faha 16 mandavantaona). Mety hahagaga antsika ny fanasàn'i Jesoa voalohany kanefa manan-danja tokoa :  Avia ianareo, 'ndeha mitokana any amin'ny tany mangingina, ka mialà sasatra kely. Manasa ny mpianany mba hiala sasatra kely manoloana ireo zavatra niainany Izy, nanao izany ihany koa i Jesoa ary notanterin'i Md Marka ao amin'ny toko 1, and.35 izany ; nony ampitso nifoha maraina alina koa i Jesoa, dia lasa nankany amin'ny toerana mangingina ka nivavaka tany. Mba ahafahana manompo tsara kokoa no mahatonga an'i Jesoa hanasa antsika hisintaka kely sy hiala sasatra toy izany ; ny fahaizana maka elanelanelana marina   ao anatin'ny misiôna rehetra dia ilaina tokoa ary manan-danja, maka fotoana ialàna sasatra sy ivavahana mba handraisana avy amin'Andriamanitra ny iraka omeny ary tsy manao izany ho asantsika.

Fa notratrarin'ireo vahoaka be Izy ka nangoraka azy ireo i Jesoa, tsy afaka ny handositra ity vahoaka be ity Izy ; mahery tokoa ny teny nampiasain'i Md Marka amin'izany : nangoraka azy Izy. Ny antony nampientam-po an'i Jesoa dia noho ireto vahoaka be ireto izay sahala amin'ny ondry tsy manam-mpiandry. Ao amin'ny Baiboly, ny lohahevitra hoe Andriamanitra mpiandry ny vahoakany dia matetika faheno ary hitantsika fa ny vakiteny voalohany sy ny salamo nalahatry ny litorjia amin'ity alahady ity dia manome akony an' izany.



**Ny fihetsik'i Jesoa voalohany eto dia ny hampianatra ny vahoaka : tsy fantantsika izay votoatin'izany fampianarany izany fa kosa antintranterin'i Md Marka mafy izany ao amin'ny Evanjely nosoratany.**
**Mialohan'ny hamahanana Mofo ny vahoaka be (ny andininy manaraka izany dia ny fampitomboana ny mofo) dia nofahanan'i Jesoa tamin'ny fampianarany aloha izy ireo, novokisany tamin'ny Teniny.**

Ireo rehetra nanankinan'Andriamanitra ny vahoakany dia tsy àry modely avokoa fa mazàna nanan-kilema sy tsy nahomby ary matetika aza dia mpiandry ondry tsy mendrika ny iraka nankinina taminy akory. Kanefa tsy manary ny vahoakany Andriamanitra ary mampanantena an'Israely Mpiandry ondry Tsara ao amin'ilay Mesia. Tsy handositra ny iraka efa nekeny i Jesoa ary izany no antony hikarakarány ity vahoaka be izay manaraka Azy ity.

Fotoana fanararaotana ho antsika ity alahady anatin'ny lohataona ity mba ahatsapàna ny maha zava-dehibe ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra toy ny sakafo mamelona ny fiainana kristianina sy mba hanome lanjany manokana koa ny fizarana voalohany ao amin'ny Eokaristia, dia ny « Latabatry ny Teny » izay mialohan'ny « Latabatry ny Mofo ». ■





MISSIONNAIRES MONTFORTAINS
Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE;
E-mail: rcordium@gmail.com ; http://www.montfortian.info/amqah/